Fitantanana tanàna 2
Lany taratasy, lany henatra Vazahabe sy ny CUA

Vola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena 7
Ny mpitondra ho voafidy manaraka no tena hitantana azy


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 30 aprily 2022 Laharana 1292 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


1 mey 2022, SSM – CTM – SESAM 5
Filaharambe miainga eny Ambohijatovo rahampitso

Antoko TIM 2

## Fotoan-dehibe anio any Amparafaravola sy Ambatondrazaka



Fampiakarana karama 7

## Mananosarotra ho an'ny sehatra tsy miankina




DTN ny baolina kitra Malagasy 3

## Rado no izy fa tsy izy i Dupuis





Raim-pianakaviana nampirafy 6

## Tratry ny manaramody ka nitondra faisana tany Maevatanana




Fampidirana am-ponja mampiahiahy 6
Misavorovoro Analalava any amin'ny faritra Sofia

Namitaka orinasa maromaro 6
Vehivavy roa nisandoka ho mpiasam-panjakana

Daka kely

Hay ve mbola amin'ny 2023 vao ho tonga lay bôby ry Boaikely, ka toa efa hasian'ialahy isany sira toy ny valala an-danitra sahady a!

ANTOKO TIM

# Fotoan-dehibe anio any Amparafaravola sy Ambatondrazaka

Fotoan-dehibe ho an'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) anio any Amparafaravola sy Ambatondrazaka, any amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Hanao rodobe any an-toerana ny birao politikan'ny antoko hotarihan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana, sy ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, eo koa ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko, ireo mpitarika ity antoko najoron'i Dada ity any amin'ny Faritanin'i Toamasina teo aloha, sy any Alaotra Mangoro,… Ho avy maro ihany koa ny vahoakan'Alaotra hanotrona azy ireo. Fanehoana ny tanjak'ity antoko mpanohitra anisan'ny lehibe indrindra eto Madagasikara ity no hatao anio. Amin'izany no hamotsipotsirana ny tsy firaharahian'izao fitondrana Rajoelina izao ny fijaliana sy ny fahasahiranam-bahoaka: toy ny fidangan'ny vidim-piainana, ny tsy fandriampahalemana misy na an-tanàn-dehibe, indrindra ny amin'ny faritra ambanivohitra, ny tsy firaharahian'ny fitondrana ny tanin'ny olona lasan'ny vahiny, ny fanavakavahana amin'ny endriny samy hafa, indrindra ny momba ny amin'ny tontolon'ny fitsarana,… Ny hita sy tsapan'ny rehetra dia variana amin'ny zavatra tsy mahasoa ny vahoaka ny fitondrana Rajoelina, manjaka ny kolikoly nefa misy enjehina misy tsy enjehina,… Efa ela niandrasana ny filoha Ravalomanana sy ny antoko TIM ny vahoakan'Alaotra, hitaterany ny maharary azy, koa dia ho tafaray anio ny tia sy ny manina, sabotsy tokoa mifankahita.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônalin'ny antoko TIM.*

***Isambilo***

1 mey 2022, SSM – CTM – SESAM

# Filaharambe miainga eny Ambohijatovo rahampitso

Tsy amelàna raha tsy azo ny fitakiana, nisongadina io nandritra ny fihaonana teo amin'ireo sendika samihafa toy ny SSM, CTM ary ny SESAM omaly nandritry ny fihaonan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety. Tanjona amin'izany ny famoronana asa, karama tsy mifanaraka amin'ny vidim-piainana, tany tan-dalàna lavitry ny kolikoly ary anjakan'ny fandriampahalemanana eto Madagasikara. Filaharambe miainga eny Ambohijatovo amin'ny 9 ora maraina miaraka amin'ny sorabaventy sy ny mpitondra taxi eto andrenivohitra, no hanao filaharana mihazo ny Gymnase couvert Mahamasina rahampitso voalohan'ny volana mey. Nasain'izy ireo avokoa ireo mpiasa amperin'asa, ireo very asa, ireo misotro ronono miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ary ireo sehatra samihafa ihany koa. Nasain'izy ireo ihany koa ny mpitondra fanjakana mahefa eto amin'ny tany sy ny fanjakana, ny minisitra tompon'andraikitra, ny mpanao pôlitika, sokajin'olona samihafa, sns… mba hihaino ny tatitra sy ny hetaheta avy amin' ireto sendika mivondrona eo anivon'ny SSM ireto. Fanombohana ny alahady izao raha ny nambaran'ny filohan'ny antoky ny sehatry ny asa eo anivon'ny Antenimierandoholona, sady sekretera jeneraly lefitra eo anivon'ny SSM (Solidarité syndicale de Madagascar), Fama Razafimahazo, raha nitondra fanazavana tamin'ny mpanao gazety omaly, fa hitohy hatrany ny fitakiana, satria tao anatin'ny roa taona nisy covid-19 teto Madagasikara dia tsy afaka nihetsika ny sendika malagasy.




*Hiainga eto Ambohijatovo, ny filaharamben'ny mpiasa rahampitso alahady voalohan'ny volana mey.*

***Rajo***

Fitantanana tanàna

# Lany taratasy, lany henatra Vazahabe sy ny CUA



COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
*******
MAIRE
*******
…ION DE L'INTENDANCE DU PALAIS, …A LOGISTIQUE, DES EVENEMENTS ET DE LA SECURITE
*******

Antananarivo le, 27 AVR 2022

DESTINATAIRES IN FINE

N° 182 CUA/M/DIPLES.2022

Objet : Etat de stock en rames papiers

Mesdames, Messieurs,

Pour des raisons indépendantes de notre volonté, nous avons l'honneur de porter à votre connaissance que nous ne disposons plus de rames papiers A4 et A3 dans nos stocks.

Nous vous prions de nous excuser pour les désagréments causés par cette situation et vous informerons dès la livraison de ces dernières.

Comptant sur votre aimable compréhension, veuillez agréer Mesdames et Messieurs, l'expression de nos considérations distinguées.

Directeur de l'Intendance du Palais, de la Logistique, des Evenements et de la Sécurité

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO

RAKOTOZAFY Miheja

Copie(s) :
- Monsieur le Maire
- Monsieur le Directeur de Cabinet
- Monsieur le Premier Adjoint au Maire
- Monsieur le Deuxième Adjoint au Maire
- Monsieur le Secrétaire Général

« A titre de compte rendu »

- Tous les Directeurs « Pour information »

*Tenimita mahamenatra navoakan'ny tao amin'ny CUA, momba ny tsy fisiana taratasy.*

Efa tena lany henatra mihitsy Vazahabe sy ny ekipany amin'ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo (CUA), aiza ve ka taratasy fampiasa amin'ny birao A3 sy A4 dia tsy misy ary tsy nisy tao amin'ny fiadidiana ity tanàna ity. Tokantrano tsy ahahaka, fa dia nahahaky ny mpiara-miasa ao aminy ao amin'ny CUA ihany, ny hadalana eo amin'ny fitantanana ataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina sy ny ekipany. Araka ny taratasy tenimita nataona tompon'andraikitra iray ao amin'ny fiadidiana ny Renivohitra: lany, fongana, tsy misy taratasy ampiasaina intsony ny ao amin'ny CUA. Mahamentra ny zava-misy toy izany, raha oharina amin'ny resabe sy fisehisehoana aseho ny vahoaka. Tena mihemotra taona firy isika izany, mila mitondra taratasy avy ety ivelany ve izany ny olona manao raharaha ao Lapan'ny tanàna, sy any amin'ny Boriboritany, zavatra mbola tsy nisy tato anatin'ny 60 taona mihitsy ny ataon'i Vazahabe sy Rajoelina ireto. Ny filàn'ny olona rehetra mihitsy no tsizarizary, tsy misy tamberin'adidy avy amin'ireo mpitantana ny tanàna, fa toa lany any amin'ny fitoriana ireo mpanolotsaina ny andron'izy ireo, lany anamboarana dossiers, na antontan-taratasy ilaina amin'ny tribonaly angamba hoy ny be vazivazy. Taratasy tokony hanaovana asam-bahoaka anefa izany. Di ahoy ihany koa ny mpanaraby hoe: fa natao aiza ny 11 miliara Art any amin'ny Cnaps, tsy nividianana taratasy, manana amby ampy maro raha izay no nataon'ny mpitantana.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina

# Midangana tsy an-kiato ny vidim-piainana

Nanakoako tamin'izao herinandro farany mamarana ny volana aprily izao ny hoe: hasondrotra ny karaman 'ireo mpiasam-panjakana, ary hoezahindRajoelina koa ny hihaona amin'ireo orinasa tsy miankina, mba handinihana ny anjarany, ho fanomezana fahafaham-po ny rehetra, mba tsy ho kivy ambony ihany manoloana ny fisondrotan'ireo vidin'entana etsy sy eroa, vokatry ny tsy fahaiza-mitantana, vokatry ny vidin-tsolika sy seho misy maneran-tany, ady any ivelany, vokatry ny covid19, andro ratsy fotsiny ihany ohatra... Izany rehetra izany raha atao bango tokana dia tsy vaha-olana mihitsy hoy ireo avy amin'ny Ssm: Solidarite Syndicale de Madagascar), sy ireo olona efa tsy mahita, very asa tanteraka nefa mba manana ny diplaomany ihany, ary efa nifanome soso-kevitra tsy ankiato mifanohana amin 'ny zon 'ny mpanjifa: Pmh-Scae.pc- Fimpa… Vao nivoaka ilay vaha - olana peta-toko famerana ny vidin'entana, dia samy nahatsikaritra ny rehetra, fa tsy nisy izany vidimpiainana nidina izany, teo indrindra koa moa Rajoelina no nanidina tany Washington, nangataka sy nitrosa tamin'ny Banky iraisam-pirenena sy ny tahirim-bola iraisam-pirenena, nifampiraharaha nitady vonjy indray, tamin'ireo efa nanaovana vava fony izy liana mafy te-hitondra ity fanjakana ity. Izy moa dia efa filoha lany henatra, ka tsy niraharaha izay vava efa natao fa tonga nandohalika tany Washington ihany.

Rah any zava-misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, moa ve tsy fampidinana mivantana ny vidin-javatra andavanandro izao no mahamaika? mba tsy hanavahana na miasa na tsia ny mpikarama iray, ka tsy ny fampisondrotana ny karama ho 9, 9% na 30%, na Smig hakarina ho 3hetsy Ar,... no hatao tandrametaka eo, fa mba hahena araka ny tokony ho izy ny haba sy ny hetra takiana dia mba mety hidina ny vidin' ny PPN ireny ohatra, mba tombontsoa mivantana hitan'ireo sahirana sy ireo efa misotro ronono koa ohatra. Tsorina fa raha ny karama no asondrotra ho 100% mihitsy, dia mba hampiakatra ny azy koa ireo mpitady fivelomana hafa, fitaterana, mpivarotra, ka mety hitombo hatrany ny KERE etsy sy eroa, dia ho farofy eny foana ra-Malagasy.

Raha fintinina dia sehoseho ivelany hatrany no ataon'ny filoha Rajoelina, filoha Boaikely, hoy ireo be antitra sendra ny gazety, fa ny raharaha anatiny fitsinjovana ireo 26 tapitrisa dia toa tandrevaka be ihany, hanaovana takon'henatra foana, sarontsaronana amin'ny hoe: fitokanana làlam-baovao, rocade, teleferika, sy ny maro hafa,… nefa ny eny Manjakaray sy Ambohipo sy ny manodidina aza efa manala baraka tanteraka. Propagandy mialohan'ny fotoana no efa misongadina hoy ny rehetra, ireo efa mahazo tombon-tsoa tsy mijery ny hafa mihitsy, mamikitra ny sezany, ireo mpanohana fahatany koa dia voadona tapany ka mandoa hrany, voalambolambon'ny vatsy tsinjo ka tsy mahay mibanjina ny ho aviny.

***Beharo***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Ela niandrasana an'i Dada ny faritra Alaotra

Anio Sabotsy 30 Avrily 2022 no hihaona amin'ny vahoakan'Alaotra ny Filoha Ravalomanana, toerana roa no hotsidihan'ny Filohan'ny mpanohitra, ny tapak'andro maraina ao Ambatomainty, Distrikan'Amparafaravola, ny tapak'andro hariva indray dia ao amin'ny Espace Laza Antanifotsy , Distrikan'Ambatondrazaka .

Anisany lohalaharana ny vahoakan'Alaotra, amin'ny fitiavana ny Filoha Ravalomanana, tsy mahagaga satria maro ny zava-bitan'i Dada tany Alaotra, ny faritra Alaotra izay mpamboly vary dia nahazo tombony be dia be tamin'ny Filoha Ravalomanana, maro ireo tantsaha no nahazo fanampiana tamin'ny alalan' ny '' Psdr'', vola indramina tsy misy zanany , haverina rehefa miakatra ny vokatra,na koa ny ampahany ihany no haverina, ankoatr'izay dia nisy ny fizarana zezika na fivarotana zezika amin'ny vidiny faran'izay mora, amin'ny fotoana fiakaran'ny vokatra indray dia tsy mila misahirana ireo tantsaha mitady mpividy, satria ny fiaraben'ny '' Fanamby Rice Meal'', orinasa ao anatin'ny '' Groupe Tiko'' dia manatona ny tantsaha,mividy ny vary akotry amin'ny vidiny ambony, izay nahafay tanteraka ireo mpijirika zatra nanambaka ny tantsaha, afaka mivarotra ny variny amimpitoniana ireo tantsaha ,tsy mila mitahiry vary akotry atao masomboly, satria efa manomana masomboly voafantina izay vidin'ny tantsaha amin'ny vidiny mora , na koa zaraina maimaimpoana ho an'ireo tantsaha tena sahirana .

Afaka nirehareha ireo tantsaha tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana , satria maro ireo nahavidy '' Kubota'' sy fitaovana maro .

Indrisy anefa fa nony tonga ny taona 2009 nakandRajoelina ny fahefana tamin'ny fomba tsy aradalana,dia nikororosy ny fiainan'ny tantsaha tany Alaotra, tsy nisy intsony ny fanampiana arabola na arapitaovana toy ny zezika , fa dia niady irery ny tantsaha, niverina indray ireo mpanambola manao ny antsoina hoe ''vary maintso'', izay zatra nanambaka ny tantsaha amin'ny fotoanan'ny maintso ahitra amin'ny alalan'ny fampindramambola, dia atakalo vary iny amin'ny fotoana fijinjana. Tsy navela niasa ny ''Fanamby Rice Meal'' dia vao mainka nanararaotra ireo mpanambola mividy ny vokatrin'ny tantsaha amin'ny vidiny arak'izay itiavany azy . Ny fizarana masomboly na fivarotana izany maro dia nafoy tanteraka . Azo lazaina ho nitotongana ny faripiainan'ny ankabeazan'ny tantsaha, izay tonga hatrany amin'ny fivarotana ny '' Kubota''.

Midedaka ery ry Rajoelina fa izy hono no nahavita ny RN 44, lalana mampifandray an'i Moramanga amin'ny Farihin'Alaotra, kanefa efa tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana no efa natomboka ny fanamboarana io lalana io, saingy voatery natsahatrin'ny mpamatsy vola noho ny fanonganampanjakana niseho tamin'ny 2009, efa nisy mihitsy aza ny orinasa nanomboka ny asa.

Ankehitriny dia naverin'ny mpamatsy vola ny fanaovana ny lalana , satria fitondrana efa ''aradalana'' no mitondra, na izany aza dia mitarazoka be ny fandrosoan'ny asa satria, satria misy ampahandalana tsy mety vita mihitsy, ny mpitondra rahateo tsy mahavaha ilay olana ,kanefa dia efa midehaka ery ho nahavita ny RN44 hono .

Mikasika ny fandriampahalemana dia natory tamimpilaminana ny tantsaha tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana, satria tsy nisy ny halabotry, fa taorian'ny taona 2009 nahazoandRajoelina ny fitondrana dia lasa matory any antsaha ny lehilahy, satria misy ireo mpangalatra ny vary madiva ho jinjaina, ny asandahalo manginy fotsiny , ny vady amanjanaka amin'izany matory irery any antanana.

Ireo antony voalaza ireo no mahatonga ny vahoakan'Alaotra miraikipo amin'ny Filoha Ravalomanana, tamin'ny fifidianana tamin'ny taona 2018 dia mbola ny Filoha Ravalomanana no nandresy na dia nangalatra faran'izay zokiny aza ny mpomba andRajoelina,koa tsy mahagaga raha hirodorodo ny vahoaka'Alaotra manontolo handray an'i Dada amin'ny anio .


*Ny Valosoa*

## DTN ny baolina kitra Malagasy

# Rado no izy fa tsy izy i Dupuis

Tale teknika nasiônalin'ny baolina kitra Malagasy (DTN), ao anivon'ny Federasiôna Malagasin'ny baolina kitra (FMF), Rado Rasoanaivo no izy, fa tsy izy i Nicolas Dupuis. Nontontosaina omaly zoma 29 aprily 2022 tao amin'ny Kianja Barea Mahamasina ny fanolorana ny fandaharan'asa hotontosain' ny FMF tarihan'ny filohany vaovao Andrianony Victorien manomboka eto.

Natolotra tamin'izany ihany koa ny DTN na Tale Teknika Nasiônaly vaovao eo amin'izany rafitra izany, izay anarana tsy zoviana amin'ny kitra Malagasy intsony : Rasoanaivo Rado sy ny mpanazatran'ny Barea vaovao ihany koa dia i Nicolas Dupuis. Mbola nasisika koa arak'izany i Dupuis, izay efa nisoratena ho DTN, sady nitondra nofy ratsy ho an'ny Malagasy tamin'ny CAN, efa hita ny fetran'ny fahaizany, fa mpanazatra tsy mahomby akory fa ny mpilalao no nanana ny naha-izy azy tamin'ny nampamiratra ny Barea. Raha ity fanapahan-kevitry ny FMF ity arak'izany, hamafisin'ny mpitia baolina kitra fa raha i Rado Rasoanaivo dia tena izy, fa i Dupuis kosa dia tena tsy izy intsony. Lany olona angaha ny eto sy ny any koa Dupuis no haverina ho mpanazatra nasiônaly, hoy ny fanehoan-kevitra.



*Rado Rasoanaivo sy Dupuis*

Ny fianakaviamben'ny FMF nametraka fitoniana hitantanana ny baolina kitra Malagasy ary dia nifandray tanana imason'ny mpanao gazety, no nampita an'izany vaovao izany tao amin'io toerana io omaly zoma 29 aprily 2022.

Havoakan'ny FMF tsy ho ela ihany koa ny anaran'ireo mpanazatra vaovao hitantanana ny Barea CHAN sy ny Barea COSAFA.

Nambaran'ny filoha Andrianony Victorien manokana, fa tsy marina velively ny filazana an-gazety fa voarohirohy amin' ny rahahara fanondinkodinam-bola tao amin'ny Ministeran'ny fampianarana izany ny tenany.

*Ny Valosoa*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fety silamo tsy iasana ny 2 mey, tokony hisy marimaritra iraisana koa ny momba ny taombaovao Malagasy

**JR Ifalina :** ny Malagasy mbola variana miady hevitra hoe Taombaovaon'iza no marina, mbola variana mifampihantsy anaty fandaharana sy mifanamby vola, mbola mitady porofo sy alimanaka. Ny an'olona ny Eid Al Fitr dia andro tokana iraisan'ireo silamo eto ambonin'ny tany ! Eto amintsika mbola miroaroa saina ny olona hoe ny an'iza no arahana ary ny an'iza no marina, ny an'olona dia andro tsy fiasana fa handraisan-karama. Ny an'ny sinoa sy ny firenena izay mbola mitazona ny azy dia daty sy andro tokana no hankalazana Taombaovao. Ny kristianina dia mipetraka ho 1 janoary. Isika mbola lany andro eto hoe TAOMBAOVAON'IZA MARINA: MERINA sa MALAGASY? ary na eto Imerina aza mbola misy 3 karazana: ALAHAMADY Martsa-aprily sa ALAHAMADIBE :Mey-jona sa VOLAMBITA : Septambra-oktobra ? Dia eto isika aloha mbola lany andro miady hevitra eto, efa hatramizay ka hatramin'izao. Tsy mety mahita daty iraisana, tsy mety mahita fehin-kevitra.

**Yvon Namelankafatra Rakoto:** ny olana, anie terena foronina fotsiny. Ny Alahamadibe izany vao tamin'ny Taona 1994... Ny Taombaovao Malagasy Izany tsy nisy mihitsy...ny FANDROANA no nisy fetim-panjakàna teto Imerina. Izany, fidiovana sy fifamelàna, ary fanamarihana Taona manaraka mitsidika. Fanontaniana koa hoe inona no tanjona?

**Bernard Rasolonjatovo : Yvon Namelankafatra Rakoto :** TENA MARINA. VALAN'ALIKA NY SOTOAVINA MALAGASY AMIN'NY FITONDRANA RAJOELINAMAPAR WERAWERISTA.

**Harisendra Rakotoarivony:** efa nisy vakio thèse nataon'i Revd Caleb Razafimino.

**Yvon Namelankafatra Rakoto : Harisendra Rakotoarivony:** aza mionona @ Thèse n'i Rvrd Caleb... Vakio daholo ny Tantara ny Andriana, Père Callet, Antananarivo Fahizay an'i Rainitovo, Rakibolana Malagasy an'i Rajemisa (Akademisiana) : FETIN'NY FANDROANA IHANY NO NISY...

**Olivie Rktmg: Yvon Namelankafatra Rakoto:** mianara e ! Milaza ho mamaky boky bdb ianao dia vakio daholo fa mbola misy tsy voavakinw any . Rehf tonga eo @ ilay ALAHAMADIBE no nisy talohan' ny fandroana dia afaka miady hevitra @ izay isika. Lava tena lava ny resaka.

**Haga Manjaka Rakotonarivo:** izay ilay zarazarao hanjakana.

**Ratovoson Emmanuel:** hadisoin'ny mpitondra no mahatonga izany rahalahy a , raha tena liana@ maha malagasy azy izy dia tokony ho voriany daholo ireo mpandala ny fomban-drazana rehetra dia resahana hoe mitadiava ianareo daty tokana ifanaharanareo dia izay ekenareo rehetra no atao Taombaovao Malagasy.

## TONONKALO

### Ry mpampisotro ny mangidy !

Vao mandray ny volabe dia mihetseha sy miomàna
Hiatrika ny tsindritsindry sy ny baikon`ny mpamatsy,
F`io tsy azo mora foana hanaovanao ny hadalana,
Marobe ireo fepetra izay hanomboka atsy ho atsy !

"Asondroty ny karamam-panjakana sy tsy miankina".
Izany izao no voalohany sy santionany amin`ireny.
Ny orinasa malagasy anefa maro no efa tankina,
Ka ho redirеdy izany , ahiana hipetraka ho teny !

"Vidin-tsolika aza ferana , ary aoka tsy hotsabahina".
Izany koa no faharoa izay tena tsy azo ihodivirana,
Nefa dia fepetra henjana sy tsy mora tanterahina,
Sady mainka tsy hahitàn`ny olo-maro izay mangirana !

Fa hisondrotra daholo na ny saram-pitaterana,
Na ny kojakoja maro izay ilain`ireo vahoaka,
Vokatry ny tsy fahaizana , indrindra ny tsy fiheverana
Ireo madinika , mahantra , efa reraka manoaka !

Raha fehezina dia tsotra : hisonga indray ny vidim-piainana,
Ary iniana tsy hoferana f`izay ilay hoe fahalalahana.
Ny mahantra : hiha-mahantra sy tsy hanan-kitarainana.
Iretsy manana : hihangeza ka vao mainka koa hibahana !

...Fa mpitondra tsy misaina izay ho ampitso sy ny hoavy,
Izay no misy ankehitriny sy manohy ny hadalany.
Miantso anao ho tonga saina , mijoroa na lahy na vavy,
`Ndao havondrona ny hery ho fanoherana an`izany !

*IRINA HO TAFITA (29-04-22)*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fahapotehana vokatry ny rivodoza Jasmine tany Tolaiara, faritra Atsimo Andrefana.**










### Rugby Africa Womens Sevens 2022

# Niatrika ny andro voalohany omaly ny Makis à 7 vehivavy

Niatrika ny fifaninanana rugby Africa Womens Sevens 2022 omaly zoma 29 aprily, ny Makis à 7 vehivavy, ka nifanandrina tamin-dry zareo Ghaneana tamin'ny 3 ora sy 12 min ary tamin'i Tonizia tamin'ny 4 ora sy 40 min tao amin'ny kianja Gammel any Tonizia.
Marihana fa anio sabotsy 30 aprily 2022 no andro faharoa farany amin'ity fifaninanana ity, ka marihana fa ankoatra an'ireo ekipam-pirenena 4 voalaza teo ireo dia mbola ao ihany koa i Sénégal sy Zimbabwe, Zambie sy Ouganda ary Afrique du Sud sy Kenya.
Taorianan'ny fanazarantena nataon'izy ireo mialohan'ny hiakarana antsehatra dia nanao "Bain de glace tany amin'ny ranomasin'i Tonizia ny Makis à 7 vehivavy.



*Makis à 7 vehivavy any Tonizia.*

**Rainilita**

### Baolina kitra fifanintsanana CHAN 2022

# Hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny antsapaka

Nanambara ny CAF fa hahemotra amin'ny fotoana manaraka, izay mbola tsy voafaritra ny antsapaky ny fifanintsanana CHAN 2022, hatao any Algérie amin'ny taona 2023, izay tokony notanterahina tamin'ny alakamisy 28 aprily 2022.
Marihana fa ekipa miisa 47 no nanoratra anarana, hanao ny fifanintsanana, ka anisan'izany ny Barea de Madagascar.
Raha ny tokony ho izy dia toerana 3 no hiadian'ny vondrona aty amin'ny tapany Atsimon'i Afrika. 13 no hifanintsana. Lesotho irery no tsy handray anjara.
Fifanintsanana mivantana mandroso/miverina no hotanterahina.
Raha ny tokony ho izy dia tsy handray anjara amin' ny fihodinana voalohany i Madagasikara, fa tonga dia miandry ny mpifanandrina aminy amin'ny fihodinana faharoa.
Tsiahivina fa i Madagasikara dia indroa lavo tamin'ny fihodinana fahatelo farany mialohan'ny dingana famaranana.




*Amboara ny Chan.*

**Rainilita**

### Volley-ball Analamanga

# Mitohy ny fiadiana ny ho tompondaka 2022

Hitohy eny amin'ny kianja Akany Sambatra Itaosy amin'ity faran'ny herinandro ity: sabotsy 30 aprily 2022, ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny ho tompondakan'Analamanga 2022.
Fandaharan-dalao harahina amin'izany :
-T1: 13:30-CF : Vbcd # Gnvb, JF : Assm # Gnvb,
-T2 : 1DF-Vbcd # Afa, BF-2Avb # Asi,
-T3 : CG- Asi # Gnvb; JF-Bias # Squad,
-T4 : MF-2Avb # Gnbv, JG-Mvb # Assm.
Voka-dalao tamin'ny 23 martsa sy 24 martsa 2022 lasa teo :
-Sokajy 2DM : Jsa vs Mvb (Jsa Forfait), Csa vs Sdv seta 3-1, Cvba vs Hzma 2 seta 3-1, Hzma 1 vs Cosfa seta 1-3, Assm vs Vbc seta 3-2 ary Esvba vs Asi seta 3-1,
- Sokajy 1DF : Cosfa vs Cvb seta 3-0, Pole vs Asi 1 seta 3-2, Vbc Jak vs Gnvb seta 0-3, Asi 2 vs Gnvb 1 seta 0-3, Vbcd vs Mvbc seta 3-2,
-Sokajy CF : Rvb vs Assm seta 3-2, Squad vs Asi seta 0-3, -
-Sokajy MF : Bias vs Squad seta 2-0, Assm vs Asi seta 0-2,
-Sokajy MG : Bias vs Assm seta 2-0.



*Volley-ball Analamanga.*

**Rainilita**

## NY TENY FIAINANA

*"Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra."*
***Kolosiana 3:1***

### AFROBASKET U18, 2022 LAHY SY VAVY

# Ho tontosaina miaraka eto Madagasikara

Ho tontosaina miaraka eto amintsika eto Madagasikara amin'ity taona 2022 ity ary sambany ny "Afrobasket U18 Filles et U18 Garçons». Tamin'ny alarobia 27 aprily 2022 teo, no nampahafantarin'ny FMBB notarihan'ny filohany, Ramaroson Jean Michel, tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny foiben'ny FMBB teny amin' ny 67 ha ny vaovao mikasika an'izany, ka nilazan'izy ireo fa tafatsangana ny Cocan ary nampahafantarina teny antoerana tamin'io fotoana io izany niaraka tamin'ny fampahafantarana tamin' ny fomba ôfisialy ny fanomanantsika Malagasy an'io «Afrobasket U18 Filles et U18 Garçons ». Nampahafantarina tamin'izany ary natolotra tamin'ny fomba ôfisialy ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny Cocan « Comité d'organisation de l'Afrobasket à Madagascar » izay manana firafitra tahaka izao :



*Ramatoa filohan'ny COCAN.*

-« Co-Présidents du Comité » : Ramatoa Ralalaharison Tsiry Colombe sy ny Jeneraly Zafisambo Ruphin Fortunat,
-« Departement Partenariat – Promotion de l'evenement et relations publiques » : Andrianaivo Tsimbina sy Rasaony Pascal.
-« Departement Préparation et anticipation » : Soloharinivo Onja sy Maître Ramanarivo Alain,
-«Departement technique» : Randriamandimby Harinirina Jimmy sy Razafiarivony Solofohery Angelot.

Marihana fa fanineniny hikarakaran'ny FMBB ny Afrobasket eto amintsika izao ary voalohany teo amin'ny tantaran'ny Afrobasket, no hanatanterahana fifaninanana roa samihafa miaraka amin'ny faha-23 jolay 2022 ka hatramin'ny 07 aogositra 2022 ho avy izao, ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy kolontsaina Mahamasina eto Antananarivo.

Mbola vaovao hafa nampitain'ny FMBB tamin'io fotoana io koa, ny hanatanterahana ny « Fiba Regional Youth Camp », izay « camp des jeunes », ho karakarain'ny FIBA sy ny NBA amin'ny volana jona 2022 eto Madagasikara.

Dia nanaraka an'izany ihany koa ny fanambarana fiaraha-miasan'ny «Fédération Malagasy de Basket-Ball », sy ny « Fédération Française de Basket-Ball » ary ny fampahafantarana ny fifanaraham-piarahamiasan'ny roa tonta vita sonia tany Paris tamin'ny 20 aprily 2022.

Farany dia nanaovana topi-maso ihany koa ny fandaharanasan'ny FMBB amin'ity 2022 ity, sy ny filazalazana ny mikasika ny Lalaon'ny Nosy 2023 ho an'ny taranja Basket-ball.

**Rainilita**

### Basikety N1A Lehilahy- Vondrona Andrefana

# Nifarana omaly zoma ny dingana fifanintsanana

Andro farany amin'ny dingana fifanintsanana omaly zoma 29 aprily 2022, eo amin'ny fifanintsanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022, ho an'ny vondrona Andrefana, izay tanterahina ao amin'ny "Gymnase Couvert Antsiranana", ka nikatroka voalohany tamin'izany ny -2Bc Analanjirofo sy ny Gnbc Analamanga, narahin'ny Tgbc Betsiboka sy ny Sebam Boeny ary ny Mb2All Analamanga sy ny Cosmos Diana .



*Basket N1A lehilahy 2022 any Antsiranana.*

Toy izao ny voka-dalao ôfisialy azo teo amin'ny andro faha-4 an'ity fifanintsanana ity (alakamisy 28 aprily 2022) : TGBC Betsiboka vs 2BC Analanjirofo (73 – 65), SEBAM Boeny vs MB2ALL Analamanga (83 –58), COSMOS Diana vs GNBC Analamanga (60 – 74).

Hanomboka anio sabotsy 30 aprily 2022 kosa ny dingana famaranana amin'ity fifaninanana ity.

**Rainilita**

### 1/2-dalan'ny UEFA Champion's League

# Mbola hangotraka ireo lalao famerenana



*Mohamed Salah Liverpool.*

Mbola hangotraka tanteraka ireo lalao manasa-dalana famerenana, amin'ny fifaninanana baolina kitra «UEFA Champion's League 2021/2022», izay ho tontosaina amin'ny talata 03 sy alarobia 04 mey 2022 ho avy izao, na dia somary hanana tombony kely aza ny ekipan'ny Manchester City sy Liverpool, noho izy ireo efa manana tombon'isa avy tamin'ireo lalao 1/2-dalana mandroso notontosaina tamin'ny talata 26 sy tamin'ny alarobia 27 aprily 2022, ka nahazoana ny vokatra : Man City 4 – 3 Real, Liverpool 2 – 0 Vilarreal.

Eto izany dia handrasana ny resaka "Remontada" malaza amin'ny fifaninanana baolina kitra, ka mety hamadika tanteraka ny zavamisy satria ny baolina rahateo boribory araka ny fomba fiteny.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby saosy voatabia sy tongolo ary sakamalaho indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anantsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny veromanitra

Maro ny tombontsoa azo avy amin'ny fisotroana dite veromanitra:
-Miaro amin'ny fahanteran'ny sela izy.
-Mamono mikraoba any amin'ny vatana.
-Mitondra fanafana amin'ny fanaintainana anaty.
-Miaro sy miady amin'ny aretina Cancer, na homamiadana.
-Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
-Manala rano miangona amin'ny vatana.
-Mampidina tosi-dra miakatra.
-Mampidina tahana cholesterol, na menaka tsy ilaina amin'ny vatana.
-Manala tavy , mampihena vatana.
-Manampy amin'ny torimaso.
Azo atao dite izy na koa hatao amin'ny laoka.
Tsy azo hanin'ny vehivavy mitondra vohoka kosa anefa ny veromanitra.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Beravina any amin'ny distrikan'i Morafenobe faritra Melaky

Ny tanànan'i Beravina any amin'ny distrikan'i Morafenobe faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Beravina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 3 mandrafitra ny distrikan'i Morafenobe. Any andrefan'I Madagasikara no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 279 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Saika mpamboly sy mpiompy ny mponina any Beravina. Vokatra any ny vary, ny akondro, ny fary ary ny mangahazo. Mpiompy omby ihany koa ny mponina, olana anefa ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka halatr'omby.



FAMPIDIRANA AM-PONJA MAMPIAHIAHY

# Misavorovoro Analalava any amin'ny faritra Sofia

Vokatry ny fampidirana am-ponja mampiahiahy ny mponina any an-toerana, misavorovoro amin'izao fotoana ny any Analalava any amin'ny faritra Sofia. Ahiana hiteraka fihetseham-bahoaka ny fampidirana am-ponja mpandraharaha iray, taorian'ny nahafatesan'ny Greffier, na ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana Issa Ben Alid.


Ny tanànan'Analalava any amin'ny faritra Sofia.

Olona telo ankehitriny no fantatra fa nampidirina am-ponja vonjimaika, tamin'ilay raharaha nahafaty ny mpirakidraharaha tao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany any Analalava: ny vadiny, ny mpanampy azy efa ela tao amin'ny hoteliny ary mpandraharaha iray. Tsiahivina fa ity mpandraharaha ity dia olona natao vavolombelona teny ampiandohana, satria anisan'ny olona nantsoin'ilay mpanampy, izay voarohirohy amin'ity zavatra ity izy, sy ny rahalahin'ilay niharam-boina. Tonga voalohany tany amin'ny toerana nisy ny loza ny rahalahin'ilay Greffier, nanaraka azy taorian'izay ilay mpandraharaha. Izy ireo no niara-nitondra an'ilay Greffier tany amin'ny toeram-pitsaboana. Rehefa nandeha ny fanadihadiana dia notazonina ary nampidirina am-ponja vonjimaika ilay mpanampy sy ny vadiny. Akory anefa ny hatairan'ny vahoaka ao Analalava ny alarobia tolakandro raha naheno, fa nosamborina ary nampidirina any am-ponja ihany koa ilay mpandraharaha. Maro ny resaka mandeha, fa fankahalana fotsiny ilay mpandraharaha no antony itazonan'ireo fianakavian'Itompokolahy Issa Ben Alid io mpandraharaha iray io, satria misy ny tsy mifankahazo aminy ireo fianakavian'ny manamanjo ireo. Ny fitsarana milaza fa vavolombelona, no nandraisana azy noho izy anisan'ny olona nitondra azy tany amin'ny hopitaly niaraka tamin'ny rahalahiny, nefa izao ny zava-misy araky ny teny midina. Noho izany toe-javatra izany, mangataka ny tompon'andraikitra ambony indrindra ny ao amin'ny fitsarana ny vahoaka, mba haniraka olona hanao fanadihadiana lalina an'io toe-draharaha any an-toerana io. Ary mba hisian'ny fahatokisan'ny vahoaka ny fitsarana hoy izy ireo dia aza asiana teritery ireo tompon'andraikitra any an-toerana, fa aleo hiasa malalaka fa misy fetrany ihany ny fitoniam-bahoaka amin'ny tsindry mahazo azy toy izao.

**Stefa**

Namitaka orinasa maromaro

# Vehivavy roa nisandoka ho mpiasam-panjakana

Nisehoana tranga fisolokiana tany Toamasina faritra Atsinanana tamin'ity herinandro ity. Vehivavy roa no tratran'ny polisy any an-toerana nisandoka ho mpiasam-panjakana, ka efa namitaka orinasa maromaro tany an-toerana. Nisandoka ho mpiasana ministera ireto andriambavilanitra ireto, ka nitety orinasa tao Toamasina ary naka vola, nilaza fa misy hetsika sosialy atao eo anivon'ny INTRA: INstitut National de TRAvail, izay rafitra iray eo anivon'ny Ministeran'ny Asa sy Fampananan'asa ary Làlana sosialy.


Ireo vehivavy roa mpisoloky tratra, tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana.


Rehefa nahazo antso avy tamin'ireo tompon'andraikitry ny orinasa maromaro any an-toerana ny Talem-paritry ny Asa sy ny Fampananan'asa ary ny Lalàna Sosialy, dia nampandre ny mpitandro ny filaminana. Rehefa natao ny fanarahan-dia an'ireo olona ireo dia voasambotra tao amin'ny orinasa lehibe iray izy ireo, teo am-pakàna vola ny talata teo. Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny Polisy eo anivon'ny Commissariat Central de Police Toamasina, raha toa ka manao antso amin'ny rehetra, mba ho mailo hatrany ny ny Talem-paritry ny Asa sy ny Fampananan'asa ary Lalàna sôsialy any Atsinanana. Tsy mpiasa eo anivon'ny INTRA akory izy roa vavy ireo. Marihina fa vola mitentina 60.000 Ar hatramin'ny 300.000 Ar ny vola alain'izy ireo amin'ireo orinasa, amin'ny alalan'ny famarotana tapakila. Nahitana tapakila amina anarana ministera hafa koa moa tany amin' izy ireo rehefa natao ny fanadihadiana.

**Niaina**

Asa tanan-dRamily

# Sary miisa 46 no ampirantiana etsy amin'ny Hakanto Contemporary

Sary miisa 46 sy ireo fitaovana rehetra nampasain-dRamily tamin'ny fanatanterahana an'izany, no ampahafantarina etsy amin'ny efitra Hakanto Contemporary Alhambra Ankadimbahoaka nanomboka ny 28 April 2022 lasa teo, ka hatramin'ny 30 Jolay 2022 ho avy izao. Nilaza Andriamatoa Rakotondrazaka Hery zanak' i Ramily mpanakanto, fa "Ramily ilay nanao ny maraina ", no lohatenin'ny fampirantina izay mampiseho, fa mbola iainana sy mbola ankafizin'ny olona ireo zavatra fonosin'ny sary hatramin'izao. Nanohy nanazava Andriamatoa Rakotondrazaka Hery, fa nanasongadina ny asa tanan'i Ramily sy ny tantaram-piainany nanomboka tamin'ny nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena ny sary rehetra ampirantina ao amin'ny Hakanto Contemporary ary ny fampahafantarana ny sangan'asa sary tahaka itony no tena zava-dehibe. Nanamafy Rakotondrazaka Hery, fa mpaka sary mahaleotena i Ramily ary niara- niasa tamin'ny mpaka sary vahiny no niatombohan'ity farany, izay vao nandeha irery rehefa nahaleotena. Ankoatra izay, nanazava Andriamatoa Rakotondrazka Hery, fa anisan'ny mampivaka ny sangan' asan'ny mpanakanto ny mbola tsy namarotana ny sary ary mbola tsy natao "Reproduction" ihany koa ny sary ampirantina hatramin'izao. Tsiahivina fa mbola manana "Clichés" miisa 8000 Ramily ary mbola tehirizin'ny fianakaviana ny "Negative" an' ireo sangan'asan'ny mpanakanto ireo hatramin' izao .Efa nodimandry Ramily mpaka sary ary namela zanaka 5 mianadahy izay mbola nanohy asa tanan'ny Rainy.


Ilay mpanakanto Ramily.

**Franck Razakambelo**

Raim-pianakaviana nampirafy

# Tratry ny manaramody ka nitondra faisana tany Maevatanana

Injeniera mpanao làlana ranamana ary manam-bady aman-janaka aty Antananarivo. Tany Maevatanana izy no niasa ary tsy tafody raha tsy isam-bolana ihany. Tonga indraindray monja ny vadiny. Rehefa ela ny ela dia nahazo sipakely ranamana ary niaraka mihitsy. Nilamina aloha tao anatin'ny telo volana, fa vao nikasa hody ity injeniera ity dia marary ary tsaboina sy miditra hôpitaly mihitsy aza. Vao mba sitrana kely anefa dia miverina indray dia toy izany hatrany. Vao hoe hiverina hiasa anefa dia sitrana. Gaga ihany ny fianakaviany nefa fivelomana io ka tsy maintsy mandeha.

### Tratry ny manaramody ilay rangahy

Nanatona mpitsabo ny fianakavian'ity rangahy ity, satria tamin'ny fandaharana televiziona sy gazety an-tsoratra, no nahitan'izy ireo fa misy mpitsabo mahay sy manana « pouvoir » manokana afaka mikarakara olona mitovitovy olana amin'ity rangahy ity, ka niantso an'i Mr Aina eny Itaosy tamin'ny 0382902668 sy ny 0339178091. Nambaran'ity mpitsabo ity, fa tratry ny manaramody ny lehilahy, satria tsy zakan'io sipakely io ny hiverenany amin'ny vady aman-janany, ka naleony namosaviana , amin'izay mantsy dia sady tsy azy, no tsy an'olona ihany koa. Indraindray aza dia mivadika biby toy ny tarondro mihitsy ny filahian'io lehilahy io ary tsy mahavita firaisana amin'ny vadiny intsony. Salama sy tomady izao fa tsy mahavita na inona na inona mihitsy. Tsy vitan'izany , fa sady manonofy ratsy foana isak'alina ary tsy mahita tory, fa mivadibadika fotsiny izao. Misy mampatahotra sy lolo ratsy izany manatona azy ary mikiakiaka tsy mahita tory ranamana. Efa nanatona mômpera aza, fa vao mainka misy mandrahona ho faty mihitsy hoe izay mômpera indray ve no hanaisotra anay eo sa ny ainao mihitsy no alanay aminao, sns... kivy tanteraka ity lehilahy ity, ka tapa-kevitra fa tsy maintsy manatona mpitsabo mahay.

### Ny hery tsy mahaleo ny fanahy

Vao naboraka tamin'ity mpitsabo ity ireo zavatra miseho ireo dia izao no nambarany : manaramody no mahazo anao hoy izy ary miafara amin'ny ainao io raha tsy voakarakara haingana . « Sorabe » miampy fanefitra manokana no nikarakarana sy nampitondrainy azy mivady. Vao tonga tany an-trano, ka nanaraka ny toromarika tamin'ity mpitsabo ity dia niova tanteraka ny rasa satria foana ny nofy ratsy, nanjary maivana izany ranamana ary toa hadinony vetivety teo ilay sipakely namosavy azy. Tafaverina soa amantsara any amin'ny vadiny izy ary salama tsara ankehitriny. Olon-kafa sisa no nasainy nandimby ny asany, satria mbola natahotra valifaty ity rangahy ity. Ilay sipakely kosa dia menatra sy tsy nahajery olona, satria fantatry ny mpiara-miasa, fa izy no namosavy ilay injeniera tany am-piasany. Milamina tsara izy mianakavy ankehitriny ary tsy misy atahorana intsony ny fahasalamany, vao nahazo fitsaboana teny amin'i Mr Aina eny Itaosy.

**Namana**

FIVAZA

# Nanome fanampiana ireo traboinan'ny rivodoza Jasmine

Namela takaitra tany Toliara faritra Atsimo Andrefana ny rivodoza Jasmine nandalo farany teo teto amintsika. Noho izay antony izay, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tany Toliara ny FIVAZA, na ny Fikambanan'ny Vadina Zandary any amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana. Niteraka faharavana trano maro tany Toliara ny ity rivodoza ity, antony nahatonga ny sôsialin'ny zandarimaria sy ny fikambanan'ny vadina zandary ( FIVAZA) nitondra izay voatsirambin'ny tanana, nanolotra fanampiana ireo ireo traboina miisa 126 tao amin'ny kianja mitafon'i Toliara, izay mizara ho tokantrano 15. Notolorana azy ireo tamin'izany: vary 10kg isan-tokantrano, savony, labozia ary afokasoka. Mbola mirary ireo traboina ny hisian'ny hetsika toy izao maromaro ho fanampiana azy ireo, satria tena mahatsiaro sahirana mafy ireto olona miisa 126 ireto.

**Stefa**


Ny fanampiana nomen'ny FIVAZA Toliara, ireo traboinan'ny rivodoza tany an-toerana.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrËs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycÈe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ëre ‡ droite aprËs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1292-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FAMPIAKARANA KARAMA**

# Mananosarotra ho an'ny sehatra tsy miankina

Araka ny nambaran'ny Filoha Rajoelina dia hiakatra ny karaman'ny mpiasampanjakana, mbola tsy fantatra aloha hatreto ny tahany isan-jaton'izay fiakarana izay, satria efa 3 taona tsy nisy fiakarana ny karaman'ny mpiasampanjakana teto amintsika. Raha ny fikitihana ny karaman'ny mpiasam-panjakana izay dia tokony hisy koa ny fikitihana ny an'ny tsy miankina, toa ho sarotra anefa izany ho an'ny eo amin'ny sehatra tsy miankina eto amintsika, satria mbola mandalo krizy izy ireo amin' izao fotoana, mbola tsy tafarina noho ireny krizy ara-pahasalamana nisy teto amin'ny firenena, sy eran'izao tontolo izao ireny. Tsy tafarina satria mety mbola hiampy izay fahasahiranana izay vokatry ny ady any Ukraine, izay miantraika ihany koa amin'ny toekarena sy ny sôsialin'izao tontolo izao, tsy afa-miala amin'izany ny orinasa Malagasy sy ny vahoaka Malagasy mihitsy. Na ho sahirana aza ireo tompona orinasa eto amintsika amin'izao ho fampakarana karama izay, tsy maintsy tokony hisy izany, mba tsy ho Zanakikalahafa ny mpiasa amin'ny orinasa. Fa ny tena ahiana hifafa ny kihony amin'izao ho fiakaran'ny karama sy ny vidim-piainana izao dia ny mpiasa tena, sy indrindra ny tantsaha, izay tsy mba manana ny ho raisina isam-bolana, tsy mba manana avy amin'ilay fomba fiteny hoe: 30 andro fanjava araiky.

Raha ny nambaran'ny filohan'ny vondron'ny orinasa tsy miankina malagasy (GEM), Thiery Rajaona, tsy ny olan'ny karama ihany no nodinihina niaraka tamin'ny fitondrana, fa ny tontolon'ny asa manontolo, izay efa namafisiny hatramin'izay fa mila fifampidinihina matotra amin'ny fanjakana ny tontolon'ny fandraharana eto Madagasikara. Nisy izany teo aloha tamin'alalan'ilay sehatra "Dialogue Public Privé" ary somary niato izany nandritra ary taorian'ny fandalovan'ny valan'aretina Covid19. Momba ny fiakaran'ny karama 9,9% amin'ny sehatra tsy miankina, efa nihàtra nanomboka ny voalohan'ny volana aprily izany ho an'ny sehatra tsy miankina, araka ny voalazan'ny filohan'ny GEM hatrany. Efa maro ireo orinasa nampihàtra izany avy hatrany, tsy niandry ny didim-pitondrana araka ny voalazan'ny fanjakana raha ny nambaran'ity filohan'ny tompona orinasa ity hatrany. Nazavain'i Thierry Rajaona, fa manaja ny karama farany ambany ho 200.000 ariary avokoa ny orinasa tsy miankina voasoratra aradalàna, fa ireo tsy mbola tafiditra ao anatin'ny sehatry ny ara-dalàna no tsy manaja izany, ho fanamarihana ny voalazan'ny minisitra mahakasika izay.

***Aly***

Vola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena

# Ny mpitondra ho voafidy manaraka no tena hitantana azy


Amin'ny taona 2023 ka hatramin'ny taona 2028, no hivoaka ny vola nambaran'ny filoha Rajoelina, fa ho azo avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena tany Washington, ary ny fahazoana izany dia mivoaka tsikelikely araka ny fanarahan'ny mpitondra ny fepetra, sy ny fahaizany hitantana izany vola izany, izay fanampiana ny antsasany ary trosa ny antsasany. Arak'izany, ny filoha sy ny mpitondra ho voafidy amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy, no tena hitantana izany vola avy amin'ny Banky Môndialy izany. Mety tsy ho izao fitondrana Rajoelina izao intsony, satria iaraha-mahita ny tsy fahaizany mitantana, sy ny tsy firaharahiany ny tena olam-bahoaka, fitondrana variana amin'ny zavatra tsy mahasoa ny vahoaka, sy tsy mahalala ny olany. Ny vola teo aloha efa azo aza, tsy hita hoe: tamin'ny fomba ahoana no tena nandaniany azy. Ka tsy adala velively ireto mpamatsy vola iraisam-pirenena ireto hanome mpitondra tsy mahay mitantana ny volany, mitohy ny fitantanan-draharaha, ka ny mpitondra manaraka no tena homeny izao fanampiana sy trosa izao. Raha ny navoakan'ny sampandraharaha ara-bola iray ao amin'ny Bretton Woods ity, amin'ny 2023 ny "Décaissement", na ny fivoaham-bola voalohany ary any amin'ny 2028 ny farany. Arakaraky ny fampihàran'ny Malagasy ny fepetra: ady amin'ny kolikoly, fitantanana mangarahara, fampihàrana ny vidinjavatra tena izy, fanajana ny demôkrasia,… ny taona 2023 izao, vao afaka ho raisina ny tapany ampahany voalohany amin'ilay vola: 30 Tapitrisa Dolara Amerikana, ary mety ho amin'ny taona 2028 kosa no hivoaka ny ampahany farany. Raha toa koa ka hisy ihany tokoa ny ho fanamboarana ny RN10 dia vato fototra fotsiny ihany no mety ho vitan'izao fitondrana Rajoelina izao, fa ny hamita azy dia ny fitondrana manaraka eo. Momba ity resa-bola avy amin'ny mpamatsy vola ity, nibitaka ery ny iray lapa teny Iavoloha, fa toy ny efa eny am-pelatanan-dRajoelina ny vola, hay mbola valala andanitra dia efa hasian'izy ireo sira tokoa, arak'ilay fomba fiteny izay.

***Isambilo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 392**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0391)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Silamo | (miv) | - Sendika | - Mora – DG |
| - Ako – Ma (miv) | - Inty – Osy | - Aina | - Nisosa (miv) |
| - Naharesy | - Kar(y) – (T)ik(o) | - Lahatra | - Amidiko |
| - Diana – Do | - Angano | - Akany | |
| | - Angano | | |

## TENY MIFANAPAKA N° 392




**Mitsivalana**

**1.** Hanina mahavoky – Asa **2.** Solontena – Grama **3.** Lavaka tsy takatra – Toerana lavitra **4.** Tovana – Atsipy **5.** May tanteraka (BR) – Averina mitovy **6.** Fonenana – Tsofoka **7.** Mpanondro toerana – Nandeha **8.** Aotra – Zava-maneno **9.** Anelanelan'ny taona – Matoanteny (miv) **10.** Tsy marina (miv) – Atody

**Mitsangana**

**A.** Fandrehitra – Lera **B.** Milaza fotoana **D.** Fialam-boly – Vizana (BR) **E.** Mampiray, manambatra – Atody vokatra **F.** Fahazoana diplaoma **G.** Firinga (miv) – Ariary **H.** Tolonao **I.** Ovay toerana **J.** Mailaka (miv) – Atsahatra **K.** Mahantra – Ambony

### Valiny Teny mifanaraka 0391

**Mitsivalana**

1.Foza - Anosy (miv) 2. Akanga 3. Rononono - Haz(o) 4. Eva - Ina - Ny 5. Nihena - Man 6. Ala - Aina 7. Rambo 8. Tily (miv) - Antsa (miv) 9. Masiso (miv) 10. Mpitsikilo

**Mitsangana**

A Fireneny B. Ovy - Lap(a) D. Zanahary E. Ako - Tale (miv) F. Manina (miv) - Os(y) G. Inona ? - Basy H. SG - Kisoa (miv) I. Hao (miv) - Mi - Tsy J. Lanonana (miv) K. Aizina - (M)amo


SAMEDI LE 30 AVRIL 2022
FANADIOVANA sy FAMBOLEAN-KAZO
MANODIDINA ny PLACE JOFFRE
(devant PORT Diego-Suarez)
HATAON'NY
JEUNES
RMDM
ANTSIRANANA
Tanora
Tiako i Madagasikara
Diégo-Suarez
À 07H00
MAVIA MARO ANTSIKA JIABY
HO TOMBONTSOAN'NY
TANANATSIKA